NY FANAZAVANA IREO FAMINANIANA



Lesona 8 hatao ny 21 Novambra, 2026

"Dia nanomboka hatramin'i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevitry ny teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masìna rehetra"

(Lioka 24:27)



Teny an-dalana ho any Emaosy, dia nampianatra Baiboly ny roa tamin'ny mpianany i Jesosy. Tsy haintsika tanteraka ny tsipiriany, fa fantantsika kosa ny fomba nanomezany izany fampianarana Baiboly manan-kery izany, izay nampangorakoraka ny fon'ny mpianany.



Inona no fomba tsara indrindra hianarana ny Soratra Masina sy hizarana ny hafany?

Ao amin'ity lesona ity isika dia hamerina indray ireo fomba fampiasa maromaro fianarana Baiboly, izay hahatonga antsika ho afaka hizara ny hafany am-pahamarinana sy am-pahombiazana.



- Manazava ny Baiboly amin'ny Baiboly
- Tontolon-kevitra ara-tantara
- Tontolon-kevitra ara-kolotsaina
- Tontolon-kevitra ara-literatiora
- Ny hevitry ny lahatsoratra
- Fianarana Baiboly manaraka lohahevitra

MANAZAVA NY BAIBOLY AMIN'NY BAIBOLY


"Fa didy anampy didy, didy anampy didy; fitsipika anampy fitsipika, fitsipika anampy fitsipika; kely etỳ, ary kely erỳ" (Isaia 28:10)

Ny Baiboly no mahay manazava indrindra ny tenany.



Hazavain'ny lahatsoratra ao aminy

- Ohatra, manazava ny hevitry ny fahitany i Daniela amin'ny filazana fa ireo bibi-dia hitany dia fanjakana (Dan. 7:3, 17)




Hazavain'ny mpaminany hafa

- Nanazava ny hevitry ny 70 taonan'ny faminanian'i Jeremia i Ezra (Jer. 25:11-12; 2 Tant. 36:22-23)



Manazava ny Testamenta Taloha ny Testamenta Vaovao

- Nanazava ny nahaterahan'i Jesosy ho fahatanterahan'ny faminanian'i Isaia i Matio (Isaia 7:14; Matio 1:22-23)




MANAZAVA NY BAIBOLY AMIN'NY BAIBOLY

Tsy nanazava fotsiny ny Testamenta Taloha i Jesosy, fa nanome ihany koa ny tena heviny, izay mihoatra lavitra noho ny hevitra ara-literatiora.



TESTAMENTA TALOHA	EFA, RENAREO FA VOALAZA HOE...	TESTAMENTA VAOVAO	IZAHO KOSA MILAZA AMINAREO...
Eksodosy 20:13	Aza mamono olona	Matio 5:21-22	Aza tezitra ary aza manafoka an'iza an'iza
Eksodosy 20:14	Aza mijangajanga	Matio 5:27-28	Aza mijery vehivavy hila azy
Deotoronomia 24:1	Hanome an-dravehivavy taratasy fisaoram-bady	Matio 5:31-32	Noho ny fijangajangana ihany no hisaoram-bady
Levitikosy 19:12	Aza mianian-tsy tò	Matio 5:33-34	Aza mianiana akory na ahoana na ahoana
Levitikosy 24:20	Maso solon’ny maso	Matio 5:38-39	Aza manohitra izay manisy ratsy anareo
Levitikosy 19:18	Tiava ny namanao	Matio 5:43-44	Tiava ny fahavalonareo



TONTOLON-KEVITRA ARA-TANTARA

"Ary na dia ny zaza minono any aza dia tsy ho fohy andro, ary tsy hisy anti-panahy izay tsy nahatapitra ny androny; fa mbola zatovo ihany izay maty na dia efa zato taona aza, ary ny mpanota aza, dia hahatratra zato taona vao hozonina." (Isaia 65:20)

Ho faty ve ny zazakely ary mbola hisy mpanota ve any amin'ny tany vaovao? (Isaia 65:17-20)

Raha hazavaina amin'ireo faminaniana momba ny andro farany ao amin'ny Testamenta Vaovao ny faminanian'i Isaia, dia tsy hoe manaitra fotsiny ihany, fa tena mifanohitra mihitsy (Apok. 21:1-4).

Tsy maintsy azontsika fa hafa ny tontolon-kevitra ara-tantara an'i Isaia, ary hafa koa ny ao amin'ny Apokalypsy. Miresaka ny amin'ny ho avin'i Isiraely raha manaiky ny Mesia izy ireo. Tamin'ny andron'i Jaona kosa, dia Isiraely mandà ny Mesia no lazainy. Niova ny tontolon-kevitra.

Raha nandray ny Mesia ny Isiraely, dia ho nisy fiovana niavaka tokoa: ho nanomboka niandalana ny fanavotana sy ny fanovana ny Tany ary ny taranak'olombelona. Ho lava andro iainana tahaka ny andron'ny hazo ny andron'ny olona masina (Isaia 65:22), ary ny biby tsy ho masiaka intsony any amin'ny tany masina (Isaia 65:25).

Ary amin'ny farany, dia ho velona indray izay efa maty ary tsy hisy intsony ny fahafatesana (Isaia 26:19; 25:8). Io ampahany farany amin'ny faminanian'i Isaia io ihany no ho tanteraka ara-bakiteny, satria tsy miankina amin'ny fanapahan-kevitr'Isiraely.



TONTOLON-KEVITRA ARA-KOLOTSAINA

"Manao veloma anareo ny rahalahy rehetra. Mifanaova veloma amin'ny fanorohana masìna."
(1 Korintiana 16:20)

Tamin'ny andron'ny Fanjakana Romana, sy amin'ny toerana hafa amin'izao fotoana izao, dia mahazatra ny fifampiarahaba arahina horoka eo amin'ny takolaka. Eo amin'io tontolon-kevitra ara-kolotsaina io, dia tsara ny torohevitr'i Paoly (1 Kor. 16:20).





Saingy, amin'ny kolotsaina Japoney – ohatra, dia tsy azo atao ny mifampikasika eny imasom-bahoaka, ka matetika izany miteraka fahatairana, fihafahafana na tsy fahazoana aina ho an'ny ankabeazan'ny olona.



Fiarahabana Anglo-Saxon



Fiarahabana Thai



Fiarahabana Tibetain



Fiarahabana New Zealand


Araka izany, eo amin'io tontolon-kevitra ara-kolotsaina io, dia hahatonga fandavana eo amin'ny olona ny torohevitr'i Paoly, ka tsy maintsy hitarina ny heviny mba hifanaraka amin'ny tontolon-keviny.



Koa, na any Japana isika, na amin'ny toerana hafa eto amin'izao tontolo izao, dia aoka hifampiarahaba araka izay maha-mety amin'ny kolotsaina, izay haneho firahalahiana sy fitiavana.

TONTOLON-KEVITRA ARA-LITERATIORA


«dia nanao taminy hoe: "Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any; fa voasoratra hoe: 'Izy handidy ny anjeliny ny aminao,' ary, 'eny an-tànany no hitondran'ireo Anao, fandrao ho tafintohina amin'ny vato ny tongotrao.' "» (Matio 4:6)



Misy fomba fiteny mahazatra manao hoe: "ny lahatsoratra tsy misy tontolon-kevitra dia fialan-tsiny ihany." Raha lazaina amin'ny teny hafa, dia ny fampiasana lahatsoratra iray mitokana dia mety hitarika ho amin'ny fandikana manokana izay mifanaraka amin'izay tiantsika ihany nefa amin'ny akapobeny dia nesorina tsy hifanaraka amin'ny fampianarana marina araky ny Baiboly.

Inona no tontolon-kevitry ny lahatsoratra ara-Baiboly iray?

Ny tontolon-kevitra mivantana dia ny andininy teo aloha sy ny manaraka. Ny tontolon-kevitra mivelatra dia ny toko manontolo. Afaka mbola tohizana amin'ny tontolon-kevitry ny boky iray manontolo misy azy koa izany.



Ny Salamo 91:11-12 dia miresaka ny amin'ny fiarovan'Andriamanitra amin'ny loza avy any ivelany. Nesorin'i Satana tamin'ny tontolon-keviny sady mbola tsy feno ireo andininy ireo, ke nentiny nanosika an'i Jesosy hinia hampi-doza ny tenany tamin'ny fampiasana ireo andininy ireo (Matio 4:6).




“Mba hanohanany fampianaran-diso na fomba amam-panao tsy Kristiana dia misy maka ny tenin'ny Soratra Masina ka mampisaraka izany amin'ireo mialoha sy manaraka azy, ary angamba aza tapaky ny andininy iray ihany no raisiny hanamarinany ny heviny, rehefa hita fa mifanohitra indrindra amin'izany ny tapaky ny andininy sisa. Mampiasa ny hafetsen'ny menarana izy ka miery ao ivohon'ny fanambarana izay tsy misy ifandraisana akory fa narafindrafitra mba hifanaraka amin'ny ara-nofo. Toy izany no ataon'ny maro izay ninia nanolana ny tenin'Andriamanitra. Ny hafa kosa, manana saina mazoto mamoron-javatra, ka mandray ireo sary aman'ohatra ao amin’ny Soratra Masina ary manazava ireny hifanaraka amin'ny eritreritra foroniny, sady tsy mihevitra firy fa ny tenin'ny Soratra Masina ihany no manazava azy, ary amin'izany dia asehony ho fampianaran’ny Baiboly ny firenirenen'ny sainy.”

EGW (Hery Mifanandrina, p. 542)

NY HEVITRY NY LAHATSORATRA


" 'Ary hoy Izy taminy: 'Inona no voasoratra ao amin'ny lalàna? Manao ahoana no famakinao azy?' " (Lioka 10:26)



Ny Kristiana rehetra dia tokony hahatakatra ny Baiboly ho an'ny tenany manokana. Mazava tsara ny Baiboly mba hahafahan'ny olona rehetra mahatakatra ny lalam-pamonjena, nefa lalina koa ka saro-takarina na ho an'ny marani-tsaina indrindra aza.

Harem-pahalalana tsy hita lany mitondra famonjena ny Soratra Masina, izay tsy mety ho voatrandraka tanteraka mihitsy.

Nefa ny fanazavana marina ny lahatsoratra ao amin'ny Baiboly dia tsy maintsy manaraka fitsipika:



- Tsy maintsy mahatakatra ny teny ao amin'ilay andininy isika (raha azo atao, dia mampiasa ny fiteny fototra na dikan-teny samihafa)
- Hajaina ny tontolon-kevitry ny andininy rehetra (ara-tantara, ara-kolotsaina ary ara-literatiora)
- Mampitaha amin'ny andininy mitovy aminy (ny Filazantsara ohatra), na andalan-teny mitovy lohahevitra aminy
- Tsy maintsy mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Baiboly ankapobeny ny fandikana farany.

FIANARANA BAIBOLY MANARAKA LOHAHEVITRA

"Dia nanomboka hatramin'i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevitry ny teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra." (Lioka 24:27)



Tsy zavatra azo safidianana ny fianarana Baiboly, ho an'ny Kristiana. Tsy maintsy mitombo mandrakariva amin'ny fahafantarana ny sitrapon'Andriamanitra isika amin'ny fanekentsika ho tarihin'ny Fanahy Masina rehefa mianatra ny Teniny (Jaona 16:13).

Ary indrindra, tsy maintsy "ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo" (1 Petera 3:15).




Hanomana antsika hizara ny hafatra amin'ny hafa ny fandinihana Baiboly manaraka lohahevitra, na amin'ny fanomezana fianarana Baiboly izany na amin'ny fitoriana ny Teny.



Zava-dehibe ihany koa ny manana toe-tsaina manetry tena ka hahazo tombontsoa amin'ny fahalalan'ny hafa izay afaka mampianatra antsika.

Na dia tsy fantatsika amin'ny fahafenoany aza ny votoatiny, dia fantatsika fa nampianatra Baiboly azy roalahy i Jesosy momba ny asany amin'ny maha-Mesia Azy, fampianarana izay mifototra amin'ny andininy samihafa tao amin'ny Soratra Masina (Lioka . 24:25-27).




“Misy ampahany sasany ao amin'ny Soratra Masina izay tena mazava tsara ka tsy sarotra takarina; kanefa misy hafa kosa izay tsy miseho avy hatrany ny heviny, ary tsy azo raha tsy mandalina tsara. Tsy maintsy Soratra Masina ihany no ampitahaina amin'ny Soratra Masina: tsy maintsy manao fikarohana amim-pitandremana sy fisaintsainana amim-paharetana. Ary hahazo valisoa lehibe izay manao fandalinana toy izany. Tahaka ny mpitrandraka harena an-kibon'ny tany izay mahita lalam-bolamena sarobidy miafina ao ambanin'ny tany, dia toy izany koa izay mikaroka amim-paharetana ny Tenin'Andriamanitra—toy ny mitady harena miafina—no hahita fahamarinana sarobidy indrindra, izay miafina amin'ny mason'izay mijerijery fotsiny ihany.”

EGW (Our High Calling, 18 Jolay)

FIANARANA FANAMPINY: MAMAKY NY BOKIN'I ELLEN G. WHITE

Rehefa mandalina ny asa soratr'i Ellen G. White isika, dia tsy maintsy manaraka fitsipika toy ny amin'ny fandalinana Baiboly.




Ny fanambarana toy ny “Ny vola lany amin'ny bisikileta sy ny akanjo ary zavatra hafa tsy misy ilaina azy dia tsy maintsy asiana fanazavana.” (TM 398), dia tsy maintsy takarina araka ny tontolo-kevitra ara-tantara (ny vidin'ny bisikileta tamin'ny 1890 dia mitovy amin'ny karama am-bolana maro).



Ny fampiasana andian-tsoratra tsy ao anatin'ny tontolo-kevitr'ilay lahatsoratra dia mandiso izay lazain'i Ellen ka mampilaza azy izay tsy nolazainy velively, na entina hanohanana foto-pampianarana mifanohitra amin'izay ninoany sy nampianariny.

Mialohan'ny hanaovana tsoa-kevitra,dia tsy maintsy dinihina avokoa izay nampianariny momba iny lohahevitra iny, fa tsy mionona amin'ny fanambarana vitsivitsy.

Etsy andaniny, dia tsy maintsy manontany ny tenantsika isika: Tena nosoratany tokoa ve izany lazaina amiko izany? Hamarino mandrakariva na tena marina sy tena avy aminy tokoa ilay fanambarana (ampiasao ny tranokala ofisialy https://egwwritings.org/).



EGW WRITINGS®
WHITEESTATE.ORG | ELLENWHITE.ORG